# ALAHADY PANTEKÔTY – TAONA B 2024



***« Rehefa tonga ny Fanahy fahamarinana, dia Izy no hitari-dalana anareo amin'ny marina rehetra » (Jo. 16: 13)***

Ry Kristianina havana, 50 andro lasa izay no nankalazantsika ny Paka izay fandalovana amin'ny ratsy miaraka amin'i Kristy. Miara-maty amin'i Kristy amin'ny ratsy dia ny fahotana isika ary indrindra ity "demony KRIZY marolafy ity izay tena manapotika ny fiainantsika ka very fanahy mbola velona isika. Tsy io Krizy io anefa no faranteny, tsy ny fahafatesana no faranteny fa hitantsika sy nankalazantsika fa I Jesoa Kristy no Alfa sy Omega ka izy no faranteny satria nandresy izy. Miara-maty amin'I Kristy ka mitsangana miaraka Aminy mandresy ny ratsy ka miditra amin'ny fiainam-baovao maha-zanak'Andriamanitra antsika. Namakivaky izany 50 andro izany isika ka tonga amin'izao fankalazana ny Pantekôty izao ary miomana hankalaza ny Kongresy Eokaristika hanehoantsika ny finoantsika ary hiarahantsika miara-dalana amin'i Jesoa mamakivavky ny fiainana hanorina FIHAVANANA, FIHAVANANA HANASITRANA AN'IZAO TONTOLO IZAO…..

Pantekôty midika dimampolo andro taorian'ny nitsanganan'i Kristy tamin'ny maty ka nidinan'ny Fanahy Masina tamin'ireo Apôstôly izay natahotra izay azo lazaina fa resy ihany koa ka very fanahy mbola velona, very fanantenana, kivy tanteraka tahaka isika miatrika izao krizy izao. Nijanona tao amin'ny senakla izy ireo nandinika izany ary niara-nivavaka tamin'I Masina Maria. Araka ny rentsika nandritra izay 50 andro dia niseho tamin'izy ireo matetika i Jesoa nankahery azy ireo ary indrindra fa nampanantena ny fiavian'ny Fanahy Masina. Fanahy mampiombona azy ireo amin'i Kristy ka hahatonga azy ireo ho Kristianina marina tokoa, ho Apôstôly hitory ny Vaovao Mahafaly. Jesoa tsy anivon'izy ireo intsony fa ny Fanahy no miombona amin'izy ireo, izany hoe izy ireo no tonga Kristy

velona amin'izao fotoana izao ary izy ireo no Kristy mpiara-belona amin'olona. Kristy mpiara-belona amin'olona no mahatonga antsika ho génération mpanorina, « génération de bâtisseurs » fa tsy mpanapotika. Mpanorina Eglizy Tranon'Andriamanitra sy Eglizy Olona Velona isika ary izany ny Pantekôty. Ny fidinan'ny Fanahy Masina no mitondra amin'ny « nouveau départ », départ « vaovao » ireo Apostoly. Azo lazaina fa tena « changement radical de comportement » satria ilay NAVOZO, natahotra nanjary SAHY NIJORO HO VAVOLOMBELONA. Isika koa amin'izao vanim-potoana sarotra diavintsika izao, amin'izao sedra mafy atrehintsika izao dia maniry Pantekoty Vaovao koa ary izay no irintsika aseho amin'ny fankalazana ny Kongresy Eokaristika KEN 2024. Maniry ilay Afo nandoro ny ratsy rehetra tao amin'ireo Apostoly handoro koa ity KRIZY ity. Tsy afenina fa izao Pantekoty izao isika no ao anatin'izao krizy izao ary tena mafy ity Pantekoty 2024 ity. Tohizantsika ny vavaka totoafo miaraka amin'i Masina Maria satria tsy hamela antsika ilay Reny tahaka niarahany tamin'ireo Apostoly tao amin'ny senakla.

Fantatsika fa ankoatr'ilay Afo Mandoro ny Ratsy sy izay manimba dia ao koa ilay Afo Mampiombona nampiray ireo Apostoly ho FIANAKAVIAM-BEN'ANDRIAMANITRA, ho FIANAKAVIAN-JANAHARY, HO OLO ARAIKY, HO FRATELLI TUTTI. Fanahy Masina no Ilay Afo MPAMPIHAVANA MANDORO IZAY METY MAMPISARAKA KA MANASITRANA NY ARETIN'IZAO TONTOLO IZAO ka mitondra antsika ho MPIRAY TAM-PO MIFAMPITSIMBINA MIFANASOA.

Maniry tokoa àry isika fa izao fankalazantsika ny Pantekoty izao hitondra antsika amin'ny Pantekôty Vaovao, hanampy antsika hiombona bebe kokoa ho Olo Araiky ka hanorina ny ETA sy EOV. Enga anie ho EOV MISIONERA VITA BATEMY KA IRAHINA ZARY TABERNAKLA VELONA.

Niara-nivavaka ireo apôstôly niandry ny nidinan'ny Fanahy Masina niaraka tamin'I Masina Maria sy tamin'ireo vehivavy masina tao amin'ny senakla. Henontsika amin'ny vakiteny voalohany fa ireo izay natahotra taloha dia feno ny Fanahy Masina, ilay Fanahy mpankahery, ilay Fanahy mpanazava, ilay Fanahy mpampiombona, ilay Fanahy mpampihavana. Nijoro nanambara izy ireo fa i Kristy no làlam-pamonjena satria Izy no làlana sy fahamarinana ary fiainana, ao Aminy sy miaraka Aminy ary amin'ny alalany no hahafahantsika manorina ny fiainana maha-zanak'Andriamanitra hahazoantsika ny hafaliana lavorary. Ny Fanahy Masina no mahatonga antsika hitoetra ao amin'I Kristy sy itoerany ka hamokatra be sady ho feno hafaliana. Izany no ankalazaintsika amin'izao Pantekôty izao ry Kristianina Havana.

Tiako ny manipika eto fa niara-nivavaka ireo Apostoly niaraka tamin'I Masina Maria. Izany indrindra no mahazava-dehibe ho antsika izao KONGRESY izao satria fotoana iombonantsika eto Madagasikara hiara-mivavaka ka zary Senakla ho antsika sady ny EOKARISTIA rahateo no vavaka faratampony ho antsika Kristianina Katolika. Hararaotintsika àry izao fiomanana fohy izao hanaovantsika vavaka totoafo miaraka amin'i Masina Maria Renintsika.

Manaraka izany tsara koa ny mampisongadina fa Fankalazana ny fahaterahan'ny Eglizy koa ny Pantekôty, ny Eglizy izay irahina hitory ny Vaovao mahafaly, hanompo ny vahoaka, hanasoa ny vahoaka, hanompo fa tsy ho tompoina ary hikatsaka mandrakariva ny hanasoa ny olombelona manontolo ka faly miarahaba antsika olo araiky jiaby amin'izao Alahady Pantekôty izao.

Hodinihintsika àry ireo asan'ny Fanahy Masina eo amintsika izay hahatonga antsika ho kristianina EOV MISIONERA TABERNAKLA VELONA. Noho ny Fanahy Masina dia Olombaovao isika ka miova ireo fifandraisana telo mandrafitra ny mahaolona antsika dia tsy inona fa ny fifandraisana amin'ny zava-

boary ka toa izay hanapotika dia ho “mpiambina sy mpiaro” isika mivelona ny vôkasiontsika hatramin’ny voalohany araka ny Bokin’ny Jenezy. Miverina amin’ny laoniny indray ny fifandraisantsika samy olombelona ka “mifampitsimbina sy mifanasoa ary mikatsaka ny soa iombonana” mandrafitra fiaraha-monina mitondra amin’ny maha FRATELLI TUTTI antsika, amin’ny maha OLO ARAIKY ANTSIKA JIABY zary fianakaviamben’Andriamanitra isika. Tanteraka izany noho ny asan’ny Fanahy Masina, zary Olo Araiky tokoa isika jiaby ka mivondrona iray midera sy manome voninahitra an’Andriamanitra Ray eo anivon’ny zava-boaary ka tanteraka ny fanirian’i Md Paoly “ny voaary manontolo dia samy miandry fatratra ilay andro hanehoan’Andriamanitra ny voninahitra natokany ho an’ny zanany rehetra” (Rm 8). Izany no mahatonga antsika milaza fa fahariana vaovao no entin’ny Pantekoty.

Voafintina ao amin’ny teny fanevan’ny KEN 2024 : FIHAVANANA HANASITRANANA AN’IZAO TONTOLO IZAO… MPIRAY TAMPO IANAREO JIABY… MIFAMPITSIMBINA MIFANASOA MIARA-MIKATSAKA NY SOA IOMBONANA…. Mifaningotraka tokoa ny KEN sy ny Sinaody faha 7, fijanonana faha-3.

“Feno ny Fanahy Masina izy ireo ka nijoro ho vavolombelona” araky ny voalaza amin’ny vakiteny voalohany. Izany no asan’ny Fanahy masina manampy antsika tsy hatahotra intsony. Mila vavolombelona izao andro iainantsika izao, maro ny zavatra mikoroso fahana, ny zavatra ratsy aza matetika efa heverina fa mety daholo na ny lainga na ny fitapitaka, izay tsy manao an’izany dia heverina fa tsy normaly nefa izany dia mifanohitra amin’ny maha olona. Indrisy ity KRIZY ity vao mainka nampitombo ary nampikoroso fahana ny fiainantsika zanak’olombelona. Nampatoriana, hoy ny Papa, ny finoana… tratry ny rendrarendran’izao tontolo izao. Koa raha manaiky handray ny Fanahy Masina isika dia ny Fanahy Masina hanampy antsika hiova araka ny voalazantsika “fiovam-penitra mahery vaika” tahaka ireo Apostoly. Ny asan’ny Fanahy Masina hanampy antsika hiaina ny mahaolona antsika no hahatonga antsika ho Zanak’Andriamanitra.

Aoka hazava sao mifangaro amintsika fa ny Fanahy Masina tsy mitovy amin’izay voalazan’ny olona matetika hoe “ny fanahy no maha olona”. Mihoatra noho izany ny Fanahy Masina, ny fanahy mahaolona manambara fahendrena sy fahaizana miaina. Ny olona manam-panahy, hoy ny Razana, mampihatra izany fahendrena lalina izany dia lazaina ho olonkendry satria olona mahay manaja ny fifandraisana eo anivon’ny fiaraha-monina fa tsy manao saim-pantany fotsiny. Efa zava-dehibe izay fa ny Fanahy Masina kosa no mahatonga anao ho olona feno tanteraka araky ny naharian’Andriamanitra antsika. Ny Fanahy Masina mampiombona antsika amin’I Jesoa, Olona feno araka ny voalazan’I Md Paoly. Noho izany zary “olona feno” koa isika. Inona moa no dikan’izany?

Manavao antsika ny Fanahy Masina, tsy hoe mamelona ireo soatoavina fotsiny fa noho ny asan’ny Fanahy Masina dia olombaovao isika vokatry ny fitsanganan’i Kristy tamin’ny maty. Izany no antenaintsika vokatr’izao fankalazantsika ny Pantekôty izao mba ho vavolombelona isika eo amin’ny fiainantsika andavanandro, ho EOV MISIONERA TOKOA. Izany no handrasana ihany koa amin’ny KEN 2024. Ilay soatoavina tena ifikirantsika di any fihavanana, noho ny asan’ny Fanahy Masina voadio ka zary fihavanana kristianina sady Malagasy ka hanasitranana an’izao tontolo izao izany hoe ny fifandraisana telo mandrafitra ny mahaolona : fifandraisana amin’ny zava-boary, fifandraisana samy olombelona, fifandraisana amin’Andriamanitra. Noho ny asan’ny Fanahy Masina dia mihavana ireo rehetra ireo….

Nijoro ho vavolombelona ireo Apôstôly ka nampianatra tamin'ny fiteny samihafa, tsy hoe mahay teny maro samihafa izy ireo fa noho ny asan'ny Fanahy Masina dia azon'ny olona tokoa ny nambarany ka nampiova ny fon'ireo nihaino azy ireo. Asan'ny Fanahy Masina ny mampiombona. Izany no niseho tamin'ny andron'ny Pantekôty voalohany. Koa enga anie raha mitory ny Vaovao mahafaly isika mba hahatakatra ny fon'ny olona fa indrindra hanova ny fontsika voalohany aloha vao ireo izay mihaino antsika koa tahaka an'ireo izay naheno ny fampianaran'ny apôstôly. Hoy indrindra ny Tenin'Andriamanitra tao amin'ny vakiteny voalohany : "*Nony tonga ny andro Pantekôty, dia tafavory tao amin'ny trano anankiray ny Apôstôly rehetra, ary tampoka injay nisy feo avy any an-danitra toy ny rivotra nifofofofo mafy ka nahenika ny trano nitoerany: sady nisy lela maro mitarehina afo niseho taminy sy nizarazara nipetraka teo amboniny tsirairay avy, ka samy feno ny Fanahy Masina izy rehetra sy niteny tamin'ny fiteny maro samihafa, araka ny nampitenenan'ny Fanahy Masina azy avy.*" Noho ny asan'ny Fanahy Masina dia niombona izy ireo, gaga ireo izay nihaino azy ireo satria naheno tamin'ny fitenin-drazany avy na dia Galileana aza izy ireo. Tsy hoe i Piera nahay ny tenin'izy ireo fa noho ny asan'ny Fanahy Masina dia nazava tamin'ireo mpihaino ny tenin'i Piera. Ny Fanahy Masina dia mampiteny amin'ny teny samihafa izany hoe mampiombona antsika, mampihavana. Io no nofinofy tamin'ny tilikambon'i Babela, ny hifankahazo resaka na fiteny, tanteraka izany raha avelantsika miasa ny Fanahy Masina. Maninona no tsy afaka mihaino ny hafa isika satria noho ny fitiavan-tena dia tsy misy intsony ny fihainoana ny hafa. Maro ny écouteurs hitantsika amin'izao fotoana iainantsika izao eny amin'ny sofintsika nefa tsy misy mi-écouter fa ny tenany, ny écouteur-ny no henoiny noho izany tsy misy mihaino isika, tsy mifampihaino isika. Rehefa tsy mifampihaino ny ao amin'ny tokantrano sy ny fianakaviana ary ny fiaraha-monina dia mikorontana ny fiainantsika. Avelao ny Fanahy Masina hiasa ao amintsika, dingana lehibe amin'ny fanorenana izany. Raha tiantsika ho taranaka mpanorina isika dia aoka hifampihaino, mihaino ny bitsiky ny Fanahy Masina. Mihaino ny tenin'Andriamanitra ka manorina Eglizy Velona isika. Io fahaizana mihaino io no dingana mitondra amin'ny fanorenana ny FRATELLI TUTTI, mitondra antsika amin'ny fanorenana ny maha OLO ARAIKY ANTSIKA JIABY. Raha mahay mifampihaino tokoa isika dia afaka mifampitsimbina sy mifanasoa. Tsy afaka mifampihaino isika raha tsy mifanaja sy mifampatoky.

Ny Fanahy Masina dia Fanahy mankahery antsika hiroso lalindalina kokoa eo amin'ny fiainantsika, manafaka ny alahelo, hoy i Jesoa. Raha misy zavatra mamatopatotra antsika dia entanin'ny Fanahy Masina isika hanana ireo fanomezana fito araka ny raisintsika rehefa mankalaza ny sakramentan'ny fankaherezana isika. Hanampy antsika hiatrika ny fiainana fa indrindra amin'izao vanim-potoana iatrehantsika krizy maro faly izao. Tsy afenina fa mitady hiraviravy tanana isika satria tena mafy ny manjo. Marina tokoa izany ary mino aho fa ren'Andriamanitra izao hiaka ataontsika izao. Matoky an'Andriamanitra isika. Tsy avelany ho irery isika. Ny Fanahy Masina hanazava ny fiainantsika kokoa ka hitarika antsika amin'ny marina rehetra izay tsy IZA FA I KRISTY ILAY TSY MIOVA OMALY ANIO ARY MANDRAKIZAY.

Raha mandinika izany rehetra izany isika dia mahatsiaro fa tena rariny sy hitsiny ary mahavonjy antsika tokoa ny fankalazana ny KEN 2024 amin'izao taon'ny vavaka manomana antsika amin'ny jobilin'ny famonjena ka ny teny faneva manentana tokoa : "mpivahin'ny fanantenana"….

Aoka hazava ny resaka ataontsika fa indrindra andro fankalazana ny Pantekôty isika izao ka tsy anatin'ny fitapitaka na lainga na kobaka am-bava toy ny mahazatra antsika no ahafahantsika manorina fiombonana, ny fihavanana ary hafahantsika mandresy ny krizy. Tsy anatin'ny koba am-

bava no ahafahana manorina ny Tranobe Iombonana fa tsy maintsy anatin'ny marina. Tsarovy araka ny averimberintsika matetika, tandremo sao diso ady atrehina isika ary tandremo sao diso tetik'ady aza. Maniry firenena hisandratra mba hanana anjara masoandrony isika fa indrindra ao anatin'izao ady amin'ny fahavalo tsy hita maso izao dia fantaro araky ny averimberin'ny Eveka matetika fa tsy ny harena no tsy misy eto amintsika, manankarena i Madagasikara, tsy ny olomanga no tsy misy, manana olomanga. Mahantra Madagasikara satria mahantra olomarina. Enga anie hanaiky ny Fanahy Masina hitari-dàlana antsika isika amin'izay hahafantatra ny marina araka ny hafatr'I Jesoa ao amin'ny Evanjely : « Rehefa tonga ny Fanahy fahamarinana, dia Izy no hitari-dalana anareo amin'ny marina rehetra ». Matokisa àry isika fa ny Fanahy Masina no hitondra antsika amin'ny marina fototra hanorenana ny ETA. Matokisa isika fa ny anjarantsika dia manokatra ny fontsika.

Ry Kristianina Havana, tsara ho tsakotsakointsika ny vokatry ny asan'ny Fanahy Masina, ao amintsika tokoa ny Fanahy Masina ka nohavaoziny ny fontsika dia tsy inona fa ny fifankatiavana no miteraka hafaliana, hoy Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa, fifaliana maharitra sy lavorary no mitondra fiadanana. Ny vokatry ny ratsy kosa dia manambara fa tsy mivelona ao anatin'ny Fanahy Masina isika, tsy inona fa ny fijangajangana, ny fahalotoana, ny fijejojejoana izay mifanohitra amin'ny fampianaran'i Jesoa ka mitarika antsika hanapotika ny fiainantsika, ny fiainan'ny fiaraha-monintsika sy hanapotika ny tontolo iainantsika. Ny fanompoan-tsampy, ny fifandirana, ny fialonana, ny fahatezerana, ny ady isan-karazany ny fitsotokotokoana, ny famonoan'olona, ny fifamonoana dia asan'izao tontolo izao, ny fanahin'izao tontolo izao no mitarika antsika amin'ireny ary fantantsika ny vokany : fanapotehana, fanilikilihana ary famonoana. Ka raha taranaka mpanorina tokoa isika dia aoka handray ny Fanahy Masina, araky ny lazain'i Md Paoly : " ireo izay manaraka ny hevitr'izao tontolo izao dia tsy handova ny fanjakan'ny lanitra".

Raha tiantsika ny handova ny fanjakan'ny lanitra sy ho mpanorina marina ary hanorina Eglizy Velona dia aoka handrehitra ao am-pontsika ny hafatr'i Md Paoly hoe ny vokatry ny Fanahy Masina no hahafantarana fa mifankatia isika ary feno hafaliana. Raha feno hafaliana maharitra isika dia fiadanam-po no ao amintsika, na dia eo aza ny zavatra sarotra dia manana faharetana isika amin'ny fifandraisantsika amin'ny tontolo manodidina antsika. Feno hazavam-po sy fahiratam-panahy isika, mikolokolo sy manatsara fa tsy manaratsy. Isika tsy mivadika amin'ny marina dia vokatry ny asan'ny Fanahy Masina, ny fahalalana onona, ireo no toetra ao amin'i Jesoa ka tsy maintsy ho toetrantsika. Mitaky fahafoizana izany ka aoka hifantsika amin'ny hazo fijaliana miaraka amin'i Kristy isika ka ny vokatry ny fankalazantsika ny Paka ho fiainam-baovao ao amin'i Kristy.

Raha fintinina ireo ireo rehetra izany hoe ny fioVam-penitra mahery vaika mitondra amin'ny FIHAVANANA SADY KRISTIANINA NO MALAGASY dia avy amin'ny FAHAFOIZANA, amin'ny FANOMPOANA, amin'ny FAHAMARINANA ireo no mitondra antsika hifampitsimbina, hifanasoa, hikatsaka ny soa iombonana ka zary OLO ARAIKY ISIKA JIABY izany hoe FRATELLI TUTTI. Io no fiadanana andrandraintsika.

Ry Jesoa zokinay ô, misaotra anao izahay fa nomenao ny Fanahy Masina, nomenao ny Fanahinao izay manentana ny fiainanay andavanandro ka tsy izahay intsony no velona fa Ianao no velona ato aminay ka zary vavolombelonao izahay, zary EOV MISIONERA TABERNAKLA VELONA MANORINA ETA. Havaozy amin'ny Fanahinao isanandro izahay amin'izay dia hivondrona iray ho fianakavian-janahary, ho fianakaviana araiky Aminao, ho taranaka mpanorina ny Eglizy velona, mpanorina firenena araka ny sitrakao ka tsy hatahotra izahay fa hiroso amin'ny lalindalina hatrany hampirehitra

ao aminay ilay fitiavana mirehidrehitra tao amin'ny Apôstôly rehefa nidinan'ny Fanahy Masina izy ireo. Koa izany anie no hahatonga anay ho tena vavolombelona tahaka an'i Olontsambatra Lucien Botovasoa sy Olontsambatra Victoire Rasoamanarivo. Mila vavolombelona ny andro iainanay ka aoka hirehidrehitra ao am-ponay tokoa ny fitiavanao mba ho Mpampihavana, mpanorina ny Tranobe Iombonana izahay. Masina Maria Reninay Reny Mpiaro an'I Madagasikara fantatrao ny manjo anay, ary matoky izahay fa mitsimbina anay hatrany ianao, ka ho toy ny nataonao tany Kanà any Galilea, dia hotafaverina tsy ho ela eto afovoanay ny hafaliana ombam-piadanana. Md Josefa Ray Mpiaro ny Eglizy eran-tany, mivavahà mba ho maro ny Baba mahafoy sy manompo na eo anivon'ny fianakaviana « eglizy kely » na eo anivon'ny fiaraha-monina fa indrindra eto anivon'ny firenanay izay mandalo fotoan-tsarotra tokoa. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson